Ny Valosoa sy hadihady 3

**Miborioka any amin'ny tsy alehany ny fitantanana ny Firenena**

Lalao fanomanan-tena 8

**Resin'ny Barea Chan 2 – 0 ny Cffa**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 25 aogositra 2022 Laharana 1335 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Tontolo ara Asa 2

**Mandalo fahasahiranana tanteraka**


Filohan'ny FJKM Irako Andriamahazosoa Ammi 2

## Aza ampidirana loko politika ny fiangonana



Makua Tour 2022 andiany voalohany 8

## Natao tetsy Andraharo ny "lancement du spectacle"



Fiainam-pirenena 2

## Ampiharin'ny fitondrana any amin'ny fiangonana ny « zarazarao hanjakana »




JMJ Mada X Antsirabe 3

## Nakana 60000 Ar alina avy ny mpandray anjara, tao anatiny ny kits



« ARBITRES ELITES à MADAGASCAR » 8

**Nosokafan-dRasoanaivo Rado ny « COURS MA » ho azy ireo**

Vola vahiny 7

**Nihoaran'ny dolara ny euro**

Daka kely

Efa ataon'ny olona fihomehezana sisa ialahy ry Boaikely a !

FILOHAN 'NY FJKM IRAKO A,DRIAMAHAZOSOA AMI

# Aza ampidirana loko politika ny fiangonana

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy omaly 24 AOGOSITRA ny fihaonamben'ny STK FJKM na sampana tanora FJKM ; Nandritra izany dia nisy ny fanambarana nataon'ny filohan'ny FJKM Irako Andriamahazosoa Ammi nandritra ny fanokafana izany . Nanambara ity ray amandreny ampanahy ity fa manentana anareo hanao politika ny tenanay , kanefa aza atao fitaovana politika ny fiangonana , ankoatra ireo fampianarana ara-pilazantsara sy ara-pitondrantena izay nozarainy tamin'ireo tanora FJKM marobe tonga tany Toamasina . Niantso ny kristianina izy handray andraikitra amin'ny fiainam-pirenena fa saingy mila mitandrina kosa. Izay no hafatra lehibe nentin'ny filohan'ny FJKM ho an'ireo tanora mivory any Toamasina . Misy mantsy ankehitriny ny fampiasana ny loko politika ataon'ny fitondràna izay mampizarazara ny ondry ankehitriny .

***Helisoa***



Fiainam-pirenena

# Ampiharin'ny fitondrana any amin'ny' fiangonana ny «zarazarao hanjakana»

Tsy mampino kanefa dia misy izany ankehitriny ny tranga miseho any amin' ny fiangonana,izay tsy fahita tao anatin'ny 60 taona mahery.
Ny 14 Aogositra 2022, tsingerintaona faha185 taona nandefonana andRafaravavy Rasalama maritiora kristianina malagasy voalohany, no mbola niseho indray ny toejavatra mahamenatra tsy fanao any amin'ny trano fivavahana tetsy amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano, ny tena mampalahelo dia toa ohatran'ny aradalana ny fisian'ny fifampikasihantanana sy ny fampiasana vato sy kibay ary zavamaranitra, ny fanapotehana ny fananampiangonana ary ny fifanasana vangy izay miaro fifanozonana manginy fotsiny, ny tena fositra tamin'izao raharaha izao dia ny fandrorana tsy maimbo ny Filoha Ravalomanana nataon'ilay solombavambahoka nilaza azy ho mpanao ''kung fu'', iza anefa no tsy mahalala ankehitriny, f'ity depiote ity mihitsy no mpamafy ri-





votra tao Ankorondrano, ka azo inoana fa tsy maintsy hijinja tadio.
Ekena fa tsy mpino avy ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy, Rasalama maritiora, kanefa na izany aza ny tsingerintaona nandefonana azy, tokony nohajaina ary tsy tokony nisehoana toejavatra mahamenatra toy ny teny Ankorondrano, kanefa izay fahafahambaraka vokatrin'ny fampiadiana ny samy mpino izay mihitsy no tadiavin'ireo mpampiady vahoaka Mikasika ny ''Jmj'' Indray dia io iarahamahita io ny fihetsikin'ny lany henatra ataon'Ingahy filoha izay manolotra fanomezana miloko vonimboasary, izay fady tanteraka izany ary tsy tokony ho ataon'ny filohampirenena, saingy ny azy ny tanjona dia ny handrebireby tanora ho diso lalana hifidy azy amin'ny 2023.
Mbola fampiadiana ny samy kristianina ny nataon'Ingahy filoha izay mitanila any amin'ny fiangonana katolika,kanefa dia jerempotsiny ny hafa, ny Sekoly Alahady Fjkm moa dia tsy itodihany maso, asa angamba noho ireo ankizy tsy mbola mpifidy amin'ny 2023.
Ny fiangonana dia tokony hitondra filaminana ho an'ny fiarahamonina ary tokony hampiray ny tsy mitovy hevitra, kanefa ny tena mamohehitra dia ny ataon'ny mpitondra mihitsy no mampisy ny korontana sy mampizarazara ny samy kristianina, dia mihevitra ireto rajakombazaha,fa mbola mahomby ny ''zarazarao hanjakana'', diso hevitra anefa izy ireo satria tsy maintsy ho voan'ny heviny ihany tsy ho ela, satria ireo mpino krisitianina tsy bado akory fa tena olona misaina sy mivavaka amin'ny fo.
Ny vahaolana dia ny fanarahana ny tenin'ireo Ray aman-drenim-piangonana ao amin'ny FFKM izay mitsinjo ny firaisam-pinoana sy ny fampiavanana ny samy malagasy ka mitaona ny hirosoana amin'ny fikaonan-dohampirenena

***Ny Valosoa***

Fifaninanana Nasiônaly ASIEF 2022

# Mpiasam-panjakana mahatratra 12000 isa no any Toliara

Mpiasam-panjakana mahatratra 12000 isa no tonga any Toliara renivohitry ny masoandro miatrika ny fifaninanana Nasiônaly ASIEF 2022 izay tanterahina ny 20 aogositra ka hatramin'ny 04 septambra 2022 ho avy izao. Nosokafana ôfisialy tamin'ny sabotsy 20 aogositra 2022 lasa teo tao amin'ny Kianja Maître Kira Andaboly Toliara ny fifaninanana ka tonga nanome voninahitra izany ny Minisitrin'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena notronon'ny Filohan'ny Antenimeram-pirenena sy ny



***Fanokafana ny fifaninanana Nasiônaly ASIEF 2022***

Minisitrin'ny Asa panjakana sy Lalàna ara-tsôsialy, ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Governoran'ny Faritra Atsimo Andrefana ary ireo manam-pahefana isan-tsokajiny any Toliasra. Noharabain'i Toliara ireo mpiasam-panjakana tonga marobe hanatanteraka an'ity hetsika fampiasam-batana ho azy ireo hahazoana manatanteraka ny asany sady ho firaisan-kinan'ny mpisampanjakana manerana ny nosy ihany koa. Mpiasampanjakana mpifaninana avy amin'ny Faritra 23 sy ireo andrim-panjakana maro eto Madagasikara no mifaninanana amin'ireo taranja 18 misy ao anatiin'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Tontolo ara Asa

# Mandalo fahasahiranana tanteraka

Marobe amin'izao fotoana ireo olona sahirana ara-Asa, efa am-bolana maro izao no nanakoako teto amin'ny firenena ny olana mikasika ny karama, ny vola fanampiana eny amin'ny fampianarana ambony sy ny ministera samihafa izay nanao fitokonana, eo koa ny fitadiavam-bola eo amin'ny mpanao asa fitaterana ka mahatonga ireo mpanao taxi-moto mety hidina an-dalambe ihany koa, ary hita mibaribary izao fa maro ny asa simba noho ny fahatapahan-jiro matetika, toy ny asa mpanao volo, ry zareo mpanodina asa fanoratana sy mpampiasa fitaovana mandeha amin'ny herinaratra .Soritina moa fa ry zareo mpivarotra enta-madinika sy mpivarotra eny amin'ny tsena an-dalambe indray izao nanomboka tamin'ny faran'ny herinandro teo, no maneho fa simba asa noho ireo tsy ara-drariny eo amin'ny asa atao, ny mpanjifa rahateo efa tsy manana vola ampy, tsy mifanaraka amin'ny vola raisina ny vidin-javatra ka mampihemotra ny rehetra voakasiky ny toe-draharaha hanakatona toeram-pivarotana ohatra. Mazava araka izany fa ny vahoaka rehetra raha fintinina dia maneho fa tokony ny fitondrana mihitsy no tokony ho ravaina satria ny vakoaka malagasy dia very asa sy fidiram- bola tanteraka, ny asa rahateo potika araka izany ka tokony ho jerena malaky. Ambara fa asa fitadiavam-bola amin'ny tsy rariny no heno manerana ny firenena, ka ny mpangalatra, ny mpanao kolikoly, ny mpanao asa tsy rariny no lasa mitombo ka tokony ho jerena maika, toy ny fanamboarana amin ny ara-dalàna ny sefo fokontany koa ohatra.

***Beharo***

Solika eto Madagasikara

# Tsy antenaina ny fidinan' ny vidiny na mijotso aza ny any amin'ny sehatra iraisampirenena

Mihazakazaka ny fivoaran'ny toedraharaha eo amin'ny sehatra iraisampirenena indrindra f'eo amin'ny lafiny aratoekarena, vokatrin'ny ady any ''Ukraine '', izay tsy mbola voalamina hatramin'izao, misy fiantraikany eo amin'ny vidin'entana izany, raha tsy hiresaka afa tsy vidin'ny solika ,izay efa tafakatra hatramin'ny 130 dolara ny barily iray, izao indray efa tafidiny manodidina ny 90 dolara ankehitriny.
Ny mpitondra eto amintsika dia nanararaotra ny fiakarana nisy, nampiakarana hatramin'ny 34 isanjato ny vidin'ny solika fampiasan'ny fiara ,dia nakarina kely ihany koa ny sarandalana izay tsy mifanahantsahana amin'ny fiakaran'ny vidintsolika, dia mbola nilaza ireo mpitondra fa tsy mbola ,ny vidiny tena izy hono no natao, fa mbola ho dinihina hono ny fampiakarana azy sy ny mikasika ny sarandalana.
Izao indray anefa midina ny vidin'ny barila any amin'ny sehatra iraisampirenena, mahakely finoana anefa ny hampidinan'ny fitondrana ny vidiny eny amin'ny mpanjifa sy ny sarandalana , satria efa nidina tany amin'ny farany ambany ny vidin'ny solika tamin'ireny fotoan'ny fihibohana ireny , indrisy fa tsy nilatsaka ny teto amintsika.
Ny mpitondra eto amintsika rahateo tsy miala vola amin'ny solika ka tsy iasan'ny sain'izy ireo ny fijaliambahoaka vokatrin'ny fiakaran'ny solika,ny sasantsasany amin'ireo mpitondra aza tsy menatra mihitsy mibizina ''ticket carburant''.
Efa fantatra mialoha fa ny fisian'ny trosan'ireo orinasa mpisehatra amin'ny solika no anilihan'ny fitondrana, ny tsy fampiakarana ny vidin'ny solika ho an'ny mpanjifa.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Miborioka any amin'ny tsy tokony alehany ny fitantanana ny Firenena

Miborioka any amin'ny tsy tokony alehany ny fitantanana ny Firenena amin'izao fotoana izao ka tsy misy mikaona intsony ny hetsika rehetra ataon'ny andrim-panjakana. Anisan'ny niteraka resabe tsy teo anivon'ny tambazotra-tserasera isan-karazany ihany fa teny amin'ny fiarahamonina ny resaka nataon'ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika fa tsy misy krizy eto amin'ny Firenena. Raha ny zava-misy iainan'ny Malagasy anefa dia tsy misy hafa tsy krizy. Na tiana na tsy tiana dia krizy ara-politika ny antsojay nataon'ny mpitondra, na ireo tsy mahafantatra hafa tsy baiko ka "misakana ny vahoaka tsy hiditra ao an-tranony", tamin'ny antoko Tim sy ny vondron'ny mpanohitra tany Antsiranana sy Mahajanga. Krizy tena mampikaikaika ny pampiasa fiarakodia na kodiaran-droa na kodiarana efatra na ny fiara vaventy ny filaharana solika. Mifanohitra amin'ny toe-javatra misy eto amin'ny Firenena ny nanomezan'ny Onudi amboara ny filohan'ny Repoblika amin'ny maha tompon-daka azy eo amin'ny fananganana ozinina satria ireo noheritreretiny natsangana rehetra dia tsy misy mihodina hataramin'izao. Natao kimaimaika ny fikaonandoham-pirenena nanefena ny fanavaozana na fanatsarana ny fanabeazana eto Madagasikara izay hoentin'ny Filohan'ny Repoblika any amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana hangatahana na hitrosana vola, ary mety hiandrandrany amboara indray. Azo lazaina anefa fa tena mikoroso fahana tanteraka ny sehatry ny fanabeazana eto Madagasikara tsy eo amin'ny kalitao ihany fa eo amin'ny ara-pitaovana sy fotodrafitra ihany koa. Nanambara ny minisiteran'ny angovo sy akoran'afo fa efa tonga tao Toamasina ny "tanker" mpitondra solika amam-polony tapitrisa litatra maro isaky ny karazany. Na izany na tsy izany dia mbola nilaza ny minisitera fa ampy ao anatin'ny volana vitsivitsy ny tahiry fa ny famatsiana ny tanàna sasany no mahatonga ny filaharana any amin'ireny toerana ireny. Raha ny fantatra anefa dia efa amin'ny fotoana voafaritra ny famatsiana ireny toby mpitsinjara solika ireny ka tsy tokony hisy fahatarana. Raha izay tokoa ny zava-misy dia tsy tokony ho ferana ny mpanjifa amin'izay tahiry heveriny fa mifanaraka amin'ny filàny ary tsy ho raràna haka solika amin'ny daba na "bidon". Mitaraina ny mponina any amin'ny tanàna andalovan'ny fiaran-dàlamby Fianarantsoa-Manakara fa tsy misy intsony ny zotra ka sahirana ny vahoaka eo amin'ny lafiny famoahana ny vokatra sy fitondrana ireo marary mila fitsaboana any fianarantsoa na Manakara. Izany ny toe-javatra iainan'ny mponina any kanefa dia vao taona vitsivitsy izao no nahatongavan'ireo lohamasinina "vaovao" roa novidian'ny filohan'ny Repoblika tany ivelany. Miteraka krizy izany ary toa midika fa lohamasinina efa tsy manarapenitra intsony no nandrebirebena ny Malagasy. Mahasodoka ny mijery ireo "bus" tian'ny fitondrana ho vidina ary ho tonga eto mialohan'ny faran'ny taona. Tsy mifandraika amin'ny toe-dàlana sy haben'ny làlana anefa izy ireo ka tsy hamaha ny olana ara-pitanterana ary azo hinoana fa tsy ho zakan'ny fahefa-mividin'ny mponina eto an-drenivohitra ny saran-dàlana. Ambonin'izany efa misy tekinisiana gasy manana ny fahaizana sy traikefa amin'ny fikojakojana sy fanamboarana ireny fiarakodia ireny ve eto sa hanafarana tekinisiana vahiny indray izany. Nitokana fotodrafitrasa maromaro any amin'ny nosy Sainte-Marie ny filohan'ny Repobika ka nanararaotra nanambara ho ren-tany, ho ren-danitra fa hampitomboina ny fiaramanidin'ny Air Mad ary haverina indray ny sidina ana-habakabaka mampifandray amin'ireo Nosy manodidina. Ny manahirana dia toa tsy mbola mivaha akory ny disadisa eo amin'ny minisiteran'ny fitanterana sy ny Madagascar Airlines kanefa raha ity fanambarana ity dia toa ohatry ny tsy misy akory izany. Nanambara ny talen'ny kabinetran'ny Fiadidian'ny Repoblika fa tsy misy fialan-tsasatra ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Raha ny tranga nisy tany Sainte-Marie kosa angamba dia tonga amin'ilay fitenenana hoe: "tanterahina miaraka ny mahasoa sy ny mahafinaritra" (joindre l'utile à l'agréable) ka sady miasa ny filohan'ny Repoblika no miala sasatra. Nitokana fotodrafitrasa, nikabary (asa ireo), nitaingina vedety haingampandeha ary nankafiha ny fivezivezen'ireo trozona teny an-dranomasina (fialan-tsasatra).

*Andry Tsiavalona*

**JMJ Mada X Antsirabe**

# Nakana 60000 Ar alina avy ny mpandray anjara, tao anatiny ny kits

Mbola resabe hatramin' izao ny momba ireo kits: kitapo sy gourds, natolotra ho an'ireo tanora manerana ny Nosy, handray anjara amin'ny JMJ Mada X, hatao any Antsirabe faritra Vakinankaratra hanomboka ny 30 aogositra ho avy izao, ka tsy hifarana raha tsy ny 04 septambra. Marina fa ny tena kristiana tsy mandà fanomezana araka ny fanazavana efa nomen'ireo tompon'andraikitra anisan'ny mikarakara ity fihaonamben'ny tanora katôlika ity, fa misy tsy mazava ny momba ny nividianana ireo kits: kitapo sy gourds ireo. Araka ny loharanom-baovao marimpototra mantsy, efa nakana 60000 Ar avy, ireo mpandray anjara rehetra tamin'ity JMJ Mada andiany faha- 10 ity, ka ao anatin'izany ny vidin'ny kits rehetra mandritra ny hetsika, ny kits izay hahitana kitapo sy gourds, boky momba ny JMJ mada, ny programa, ny chapelet,… Ao anatin'io latsakemboka efa nataon' ny mpandray anjara io koa ny sakafony, ny fampiantranoana, ny lafiny fahasalamana,… Ka natao aiza izany ny vola natokana ho an'ny kits: kitapo sy gourds avy amin'io vola nefain'ny mpandray anjara io, satria efa nahazo tsy fandoavan-ketra tamin'ny filan-kevitry ny ministra mihitsy ny fanafarana azy ireo. Dia nahoana koa hoy ireo mpandray anjara, no nolazaina fa natolotry ny Filohampirenena indray ireo kitapo sy gourds ireo? Tena tafiditry ny politika sy ny raharaha maizimaizina tokoa arak'izany ity JMJ Mada ity. Na izany na tsy izany, ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fahombiazana ho an'ny hetsika, hahazo aim-panahy vaovao ireo mpandray anjara amin'izao fihaonambe tsy misy toa azy izao. Fihaonambe tokoa, satria raha ny tarehimarika azo eto am-pelatanana momba ity JMJ Mada andiany faha-10 ity, fiara miisa 954 no efa nahazo alalana manokana hivezivezy hamonjy ity JMJ ity hatreto, avy amin' ireo Diôsezy miisa 18 manerana ny Nosy ary olona miisa 30000 any ho any, no ho avy any an-drenivohitr'i Vakinankaratra.



*Ireo kitapo sy gourds mahabe resaka.*

*Ny Valosoa*

**Fikambanana Gasy leo**

# Hidina eny amin'ny 13 mai raha toa ka ….

Hidina eny aminy Kianja 13 mai ny Gasy leo raha toa ka tsy mahazo valiny mahafapo ny fangatahan'izy ireo hanao famoriam-bahoaka amina toerana mifefy maromaro eto Antananarivo hoy ny mpitarika ny vovonana Nambinina RAHERIMAMPIANINA . Ny coliseum,ny kianjan'ny BAREA na ny Kianja mitafo Mahamasina no efa nanaovan'izy ireo fangatahana raha ny nambarany . Nanamafy ihany koa izy ireo fa efa leo ny fiakaran'ny vidim-piainana sy ny firongatry ny tsy Fandriampahalemana ary ny tsy fananan'asa sy fahataphan-jiro sy rano ny vahoaka Malagasy.

" Hanao famoriam-bahoaka tsy ho ela amina toerana anakiray izahay ary hanaovanay fangatahana .

Omen'ny fanjakana ve raha ao amin'ny Kianja Barea ,na kianja mitafo Mahamasina na coliseum no hanaovanay fangatahana ?

Rehefa tsy manome anay ny fanjakana dia mahasahy miteny ampahibemaso ho ren- tany ho ren -danitra izahay hoe " mbola tsy misy lalàna mamaritra ka tsy azonay handehanana eny amin'ny Kianjan'ny 13 Mai ary ho ataonay fantatry ny vahoaka malagasy sy ny mpitondra fanjakana Izany satria fanoherana makany amin'ilay hoe didy jadona no misy eto amin'ity firenena ity

Hadino ny sosialim-bahoaka ka Izay ilay mankaleo anay . Leo izahay satria tapaka lava ny jiro ,izao moa Efa manomboka tapaka lava ihany koa ny rano ,leo izahay aminy tsy fisian'asa ka miteraka an'ity tsy Fandriampahalemana isan'ambaratongany ity .Vahoaka marobe no efa tapaka fihinanana ,zara raha mihinana sakafo ambany foitra androany ,tsy mandry fahalemana. Ny Solombavambahoaka Efa nomenay fempotoana ka miandry ny fahatsapan-tenany izahay kanefa na Izany na tsy izany dia efa miroso izahay makany aminy tetika aman-Paika handomanay latabatra mafimafy kokoa hoy hatrany ny fanambaràna.

*Helisoa*

TONONKALO

## MPITONDRA TIA MITETY TANY

Hatreto tsy ahitana vokatra ry zareo mitety tany,
Fa ny fahoriam-bahoaka no mitohy hatrany hatrany.
Fanalana fanaintainana , tsy mitoetra fa mandalo,
Izay no hany tetikadiny noho ny tahotra an-dRavalo !

Ny voandalana mba entiny ary hita ho mitobaka,
Dia ronono an-tavy hatrany miampy esona sy kobaka.
(Mody hafatratra an-kitapo izay mivolona voasary .)
Izay no tena misongadina ary koa mibaribary !

Dia omena vatsy kely ho tampi-maso ny vahoaka,
Fa ny saron`ny vilany efa atahorana hipoaka.
Avy eo midera tena indray ireo efa tsisy kalitao
Fa hoe mijery antsika fatratra, hono , izao tontolo izao !

Mijery antsika Malagasy diso lalana tokoa,
Satria ny zava-mahamaika dia ireo tsy mahasoa.
Ireo karazan-drendrarendra no hany tena lohalaharana,
Ka dia mihemotra hatrany fa tsy misy fivoarana !

Mijery antsika Malagasy tena manam-be an-tanana,
Saingy indrisy , saingy indrisy , lavitry ny fiadanana,
Fa mpitondra sy ny akama no mampiasa hafetsena,
Ka mitavana , manondrana ireo haren`ny firenena !

…Tena tsy ahitana vokatra ry zareo mitety tany,
Fa midika ho tampi-maso fandanianiam-poana hatrany.
Ka dia tsotra anio ny teny avy amin`ny gasy leo sy fay:
Mialà fa aza tia mibitaka amin-javatra tsy hay !

*TSIMIMALO (23-08-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

Ny fivorian'ny mpitarika ny Antoko TIM tao Toamasina.









Ny fanokafana ny fivoriam-ben'ny Sampana Fifohazana tany Mahajanga.









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Isambilo

Ny fikarakarana ny « Salon du Business » any Toamasina.







Ny hetsika nataon'ireo « Taxi moto » teny amin'ny By Pass.









ANTANAMIKETRAKA - VOHÉMAR

# Rongony milanja 210 kg no tratra tamin'ny vehivavy roa ka nodorana

Mitohy hatrany ny ady ataon'ny mpitandro ny filaminana amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina any Antanamiketraka, Antanandava, kaominina Antsirabe Avaratra, distrikan'i Vohémar. Tamin'iny herinandro lasa iny dia nidina ifotony izy ireo nanao fisafoana an'ireo faritra ahiana ho firehan'ny mpifoka sy mpidoroka. Nahomby ny paik'ady napetraka satria tsara ny vokatra.Nisy moa ny fiaraha-miasa tamin'ny fokonolona ary ireo tsara sitram-po, izay nahatratrarana io tanjona io. Mbola manao antso avo amin'ny fokonolona hatrany ny mpitandro ny filaminana mba hiara-hiasa hatrany.



Ny alin'ny alatsinainy 15 Aogositra 2022 lasa teo no nahatratrarana fonosona rongony milanja 210 kg tany Antanamiketraka, Antanandava, kaominina Antsirabe Avaratra, distrikan'i vohémar. Vehivavy miisa roa (2) no tratehaka ary voalaza fa tompon'antoka amin'ity fanondranana sy fivarotana zava-mahadomelina ity. Rongony avy Analabe, izay kasaina hoentina any Antalaha ireo tratra ireo. Raha ny fantatra dia tafatsoaka ireo lehilahy niray antoka tamin'izy roa vavy. Nodorana avy hatrany ireo rongony. Niatrika fa-motorana ary nandray ny saziny ireo vehivavy roa tra-tehaka.

*Helisoa*

LALAM-PIRENENA FAHA 13 - KELIAVO

# Fiara iray no tratry ny lozam-pifamoivoizana rehefa avotra tamin'ny fanafihan-dahalo

Faritra mena amin'ny tsy fandriam-pahalemana ny làlam-pirenena faha 13, mihazo an'Ihosy sy Ihorombe. Niverina nahazo vahana ny fanakanan-dàlana an'ireo fiara miasa amin'ny làlana iny. Ireo fiara mpitatitra olona no tena lasibatra amin'izany. Manao antso avo amin'ny mpitandro ny filaminana noho izany ireo mpampiasa ny làlam-pirenena faha 13 mba hitondra vahaolana haingana hanafoanana ny fanakanan-dàlana.



Ny alin'ny asabotsy 20 Aogositra 2022 hifoha ny alahady 21 Aogositra dia nitrangana fanafihan-dahalo tany amin'ny làlam-pirenena faha 13. Fiara karan-dàlana iray mpitatitra olona no notifirin'ny dahalo tany an-tampon' Ihorombe, 15 km miala kely an'Ihosy. Avotra soamantsara ireo mpandeha ary afaka teo anoloan'ireo jiolahy ny mpamily sy ny mpanampiny. Tsy nisy ny aina nafoy ary tsy nisy ihany koa ny naratra, ary tsy nisy entana azon'ireo olon-dratsy. Voatery nijanona izy ireo rehefa nahazo tanàna niandry ny andro mazava vao hanohy ny dia. Vao niala kely anefa izy ireo dia tratran'ny lozam-pifamoivoizana indray ny marainan'ny alahady 21 Aogositra, tany Kelivao, 45 km hiditra an' i Betroka. Nisy ireo namoy ny ainy, izay mbola andrasana ny isany. Nisy ihany koa ireo naratra vokatry ny lozam-pifamoivoizana. Heverina ho fahavoazan'ny fiara tamin'ny fanafihan-dahalo no antony nahatonga ny loza. Efa eo am-pelantanan'ny fianakaviany omaly ihany ny razana, ary efa nahazo fitsaboana ireo naratra.

*Aly*

Foot à 7 ara-pirahalahiana

# Lavon'ny Radio Don Bosco ny Ujsm

Notanterahina tetsy amin'ny kianja "Foot à 7 Elgeco Stadium By Pass" tamin'ny sabotsy 20 aogositra 2022 ny lalao "Foot à 7" ara-pirahalahiana nifanandrinanan'ny ekipan'ny Saleziana Don Bosco Ivato nitondra ny anaran'ny ekipan'ny Radio Don Bosco Fm 93.4 notarihan'ny kapiteniny Miandriniaina Jules sy ny ekipan'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena Ujsm notarihan'ny filohany Rasanda Serge ka niondrika tamin'ny isa 5-3 nanoloana ny Radio Don Bosco ity farany. Nambaran'i Père Charles Nirina, Tale teknikan'ny RDB teny an-toerana fa ho fampiroboroboana ny fiaraha-miasa eo anivon'ny Saleziana Don Bosco no antony tena nanaovana an'ity hetsika ity sady tafiditra eo amin'ny fanohizana ny fankalazana ny faha-25 taonan-dry zareo ihany koa. Rainilita Don Bosco vs Ujsm

*Rainilita*



« Championnats nationaux 2022 de»Hand ball »

# Any Fianarantsoa no mihaona ny « Minimes » sy « Junior »



*Handball « Minimes » sy « Juniors » any Fianarantsoa.*

Any Fianarantsoa no hanatanterahana ny ny « Championnats nationaux 2022 de « Hand ball » sokajy « Minimes » sy « Juniors » ka notanterahina tao amin'ny kianja mitafon'Ambatomena, tamin'ny asabotsy 20 aogositra 2022 lasa teo, ny fanokafana ara-pomba ôfisialy an'izany. Efa nanomboka tamin'ny alakamisy 18 aogositra 2022 lasa teo kosa ny fifaninanana ka haharitra hatramin'ny sabotsy 27 aogositra 2022 ho avy izao ary miditra amin'ny andro faha-6 ny fifaninanana amin'ity andron'ny talata 23 aogositra 2022 ity. Ekipa minimes zazalahy avy amin'ny ligim-paritry ny handball miisa 6 ary ekipa zazavavy avy amin'ny ligim-paritry ny handball miis 5 no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity. Hoan'ny sokajy Juniors kosa dia ekipa Juniors lehilahy avy amin'ny ligim-paritry ny handball miisa 6 ary ekipa Juniors vehivavy avy amin'ny ligim-paritry ny handball miisa 5 no mandray anjara.

*Rainilita*

ANDRANOFASIKA AMPARAFARAVOLA

# Jiolahy mpaka ankeriny miisa 7 tarihin'i bemoto rakipikipy lavon'ny zandary nandritra ny fifandonana

Ela ny ela, lavo ihany ilay jiolahy rain-dahiny antsoina hoe BEMOTO na Rakipikipy na Sirô izay lehiben-jiolahy mpaka ankeriny sy mpamono olona ary mpanolana nampihorohoro fatratra tany amin'iny tany mifanefitra Tsaratanàna, Anjozorobe, Amparafaravola sy Ambatondrazaka ary Moramanga iny.
Efa roa andro lasa izay no nahazo angom-baovao maripototra ny Zandarimaria Alaotra-Mangoro fa hita any amin'ny manodidina an'i Ambihikely sy Maheriara Morarano Chrome distrika Amparafaravola any ry Bemoto sy ireo namany, izay manomana fanafihana ary mirongo basy maherivaika. Nidina avy hatrany tany amin'iny faritra iny ireo Zandary izay efa manao hetsika fampandrian-tany sy fisafoana ara-piarovana avy amin'ny Vondron-tobim-paritra Ambatondrazaka sy Moramanga.
Anio faha 23 aogositra 2022 tamin'ny 04 Ora sy sasany maraina dia nifanehitra tao amin'ny kizo Ampasamalama fokotany Andranofasika kominina Ambodirano distrika Amparafaravola ireo Zandary sy ireo dahalo tarihin'i Bemoto izay miisa 7. Tsy misy alaharo fa tonga dia nitifitra variraraka ireo jiolahy ka raikitra ny fifandonana. Soa ihany fa efa tsara toerana ara-paikady ireo Zandary ka afaka niarotena. Mafimafy ny fifandonana ary nampiasa ny fahaiza-manaony ireo Zandary ka lavo avokoa ireo jiolahy 7 miarahalahy.
Nofehezina sy nozahana ilay toerana nifandonana ka nahitana basy maherivaika MAS36 roa miaraka amin'ny bala, basy vita gasy miisa 5 sy bala maro efa nipoaka ary rongony sy mohara samihafa.
Fantatra avokoa ireo jiolahy lavo izay efa nokarohina hatry ny ela dia i Bemoto na Rakipikipy na antsoina ihany koa hoe Sirô lehiben-dahalo; i Rindra na Lesavaka na i Bekalaky mpamono amin'ny fomba feno habibiana sy tifitra basy ; i Kapitsany na i Maintikely mpanolana; i Malama mpandrongony sy mpamono izay alainy ankeriny ; i Lesola na Bonus mpanolana sy mpaka takalon'aina ; i Balamaso mpanolana sy mpangalatr'omby ikoizana ary i Lejiva mpanolana vavy antitra. Tsy nisy nanahy ireo Zandary na iray aza. Velom-panantenana ireo mponina any an-toerana fa mba afaka hihary ampitoniana manomboka izao. Ankasitrahana ny herim-po sy fahaizamanaon'ireo zandary teny ankianja fa tena nanao ny ainy tsy ho zavatra tokoa. Ankasitrahana ihany indrindra ihany koa ny loharanombaovao nahafahana nisoroka mialoha ny fanafihana saika nataon'ireo jiolahy.

*Stefa*



Orin'asa Ambatovy:

# Notolorana medalin'ny asa ireo mpiasa miisa 80

Mpiasa manodidina ny 80 no notoloran'ny Orin'asa Ambatovy medalin'ny asa ny 19 aogositra 2022 lasa teo tao amin'ny Hôtel Bezanozano Moramanga ho fankasitrahana azy ireo noho ny asa tsara sy mendrika nadritra natao'izy ireo tao amin'ny orin'asa mpitrandraka Nikela sy Kobalta ity ka ny 49 notolorana medaly Volafotsy ary ny 31 notolorana medaly Alimo.
"Ny mpiasa ao aminy no miantoka voalohany indrindra ny hery sy tanjaka entin'Ambatovy miasa noho ny fahaizamanaon'izy ireo izay mafy orina ka afaka nanatontosa ireo dingana maro samihafa tamin'ny fitradrahana Nikela sy Kobalta voalohany tamin'ny tantaran'i Madagasikara ny orinasa Ambatovy. Ireo mpiasa Malagasy izay 91% amin'ny mpiasa ao Ambatovy no angady nananana sy vy nahitana izany vokatra izany" hoy ny filohan'Ambatovy GOMES Gustavo nadritra io fanolorana medalin'ny asa io.
Tsara ho Fantatra fa 12 000 mahery ankehitriny ny mpiasa miasa eo anivon'ny orin'asa ka ny 3800 dia mpiasan' Ambatovy mivantana.

*Stefa*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

**- 67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

**- VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86

**- IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**- AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50

**- MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1335-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**VOLA VAHINY**

# Nihoaran'ny dolara ny euro




*Mahazo aina ny dolara amerikana amin'izao fotoana.*

Nihoaran'ny dolara amerikana amin' izao fotoana ny vola eôrôpeana euro amin'ny sehatry ny vola vahiny iraisam-pirenena. Raha ny sandan'ny 1 euro afak'omaly dia 0,996 dolara amerikana. Raha ny eo amin'ny tsenambola vahiny amin'ny samy banky eto Madagasikara dia ahitana izay fahazoan'ny dolara amerikana tanjaka miohatra amin'ny euro izay iahany koa, satria: 1 euro= 4094,85 Ar ary ny 1 dolara= 4109, 15 Ar. Ny dikan'izay dia ho sahirana ny eôrôpeana ato ho ato noho ny fitontonganan'ny volany izay, satria tsy maintsy hanafatra entona, na gaz betsaka, sy solika betsaka izy ireo afaka iray volana eo, hanomboka hiditra amin'ny vanim-potoana mangatsiaka indray ny any amin'ny ila bolantany avaratra amin'ny 21 septambra ho avy izao. Mety hisy fiantraikany aty amintsika koa izay fitontonganan'ny euro izay, fa fahazoan'ny dolara amerikana tanjaka, satria saika vidiana amin'ny dolara amerikana avokoa amin'izao fotoana ny solika hafarana eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

***Aly***

Asa sy fianarana ao aorian'ny bacc

# Tanterahana etsy Mahamasina ny Salon de l'Etudiant et de l'Emploi

Tanterahana etsy amin'ny kianja Barea Mahamasina amin'izao fotoana, ny hetsika fanomezana torolalana ho an'ireo afaka bacc, eo amin'ny sehatry ny asa, na fanohizana fianarana, amin'ny alalan'ny Salon de l'Etudiant et de l'Emploi taona 2022. Mpikakaraka izao hetsika izao ny Agence de Communication Publika Mada. Tranoeva manodidina ny 70 no hita mandritra izany. Mandray anjara avokoa ireo sampam-pianarana sy fiofanana nahazo fankatoavana avy amin'ny ministeran'ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Ankoatra ny fijerena ireo fianarana sahaza ao aorian'ny bakalôrea, misy koa ny tolotr'asa mandritra izao hetsika izao.


***Aly***




***Ho maro ireo tanora hifanaretsaka eto Mahamasina mandritra ny hateloana.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 402




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0401)

*Mitsivalana*
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

*Mitsangana*
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

## Valiny Teny mifanaraka 0401


**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa – Enina **3.** Ody – Ota – Zo **4.** Nino – Mav(o) **5.** Dago – Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) – Raràn(a) **8.** Orana – Ana **9.** Akaton – Ry (miv) **10.** Sa – Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro – As **B.** Modia – Aoka **D.** Paingotra **E.** OO – Aato **F.** Leo – Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia – Ana – Ar **I.** No (miv) – Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

## NY TENY FIAINANA




*« Aoka hanao izany ny navotan'i Jehovah, dia izay navotany ho afaka tamin'ny tanan'ny fahavalo. »*
***Salamo 107 : 2***

MAKUA TOUR 2022 ANDIANY VOALOHANY

# Natao tetsy Andraharo ny "lancement du spectacle de la Team Makua"



Natao tetsy amin'ny Campus Telma Andraharo, tamin'ny alalan'ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety notaon'i Shyn sy Denise vadiny niaraka tamin'ny orinasa Telma ny alatsinainy 22 aogositra 2022, ny "lancement du spectacle de la Team Makua" izay hotanterahina amin' ny alahady faha-30 aogositra 2022 ho avy izao etsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina Mahamasina. Ireo mpikambana ao amin' ny Team Makua tarihan' izy mivady no hiakan-tsehatra amin'izany mi-araka amin'ireo "Guest" samihafa nasaina manokana ihany koa. Seho hampisongadinana ny fikarakarana matotra ataon'ny teratany Malagasy izy ity ary hisantarana ny fiseharana iraisam-pirenena hataon'ny artiste Malagasy. Hatramin'ny nidirako teo amin'ny sehatry ny kanto Malagasy tamin'ny taona 2003, hoy i Shyn, no efa vinavinako ny hamaky sehatra ao amin'ny « Palais des Sports Mahamasina » ka ho tanteraka ankehitriny ny nofinofiko. Nisy ny fampisehoana "avant premier" sady nivantana tamin'ny tambazotran-tserasera Telma natolotr'i Shyn ny mpanao gazety tetsy amin'ny Campus Telma Andraharo tamin'io valan-dresaka nataony io omaly alatsinainy 22 aogositra. Namahafantarina ny mpanao gazety tamin'izany koa fa hanomboka any Europe sy Etazonia amin'ity 3 volana faran'ny taona 2022 ity ny "Makua Tour 2022" ho tarihan'i Shyn sy Denise ary any amin'ny volana febroary 2023 any kosa ny fitetezana an'i Madagasikara hataon'izy ireo. Marihana fa azo jifaina dieny izao amin'ny alalan'ny tambazotra www.ticketplace.io ny tapakila fidirana amin'izany fampisehoana amin'ny 30 aogositra izany. Rainilita Shyn tetsy Andraharo omaly

***Rainilita***

Basikety Malagasy taorianan'ny Afrobasket U 18

# "Championnats Nationaux" 3 no miaraka atao

Taorianan'ny fanatanterahana ny Afrobasket U 18 farany teo teto amintsika dia "Championnats Nationaux de basket" miisa 3 miavaka tsara no indray tanterahina miaraka any amin'ny Faritra telo eto Madagasikara. Ao ny "Championnats Nationax U 14" zazalahy sy zazavavy izay tanterahina any amin'ny kianja bika Tsiroanomandidy Faritra Bongolava nanomboka tamin' ny asabotsy 20 aogositra 2022 lasa teo ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 28 aogositra 2022 ho avy izao. Ekipa zazalahy miisa 34 nozaraina ho vondrona 7 ary ekipa zazavavy miisa 24 nozaraina ho vondrona 6 no mandray anjara amin'io fifaninanana. Ao koa ny "Championnats Nationaux U 16" zatovolahy sy zatovovavy izay tanterahina any Taolagnaro Faritra Anôsy nanomboka tamin'ny asabotsy 20 aogositra 2022 ihany koa ka hifarana amin'ny alahady 28 aogositra 2022 ao amin'ny kianja "terrain Mada Pêche Antalaha" sy kianja "terrain Sacré Coeur Antalaha" Ekipa zatovolahy miisa 25 nozaraina ho vondrona 5 ary ekipa zatovovay miisa 10 nozaraina ho vondrona 2 no mandray anjara amin' ny fifaninanana. Ary farany ao ny "Championnats Nationaux Vétéran " lahy sy vavy indray dia tanterahina any Antalaha Faritra Sava izay nosokafana ôfisialy tao amin'ny kianja "Stade Roland Garros Antalaha" tamin'ny alahady 21 aogositra 2022 lasa teo ary hifarana amin' ny alahady 28 aogositra 2022 ihany koa. Klioba miisa 12 hoan'ny "Vétéran"Lahy miampy Klioba 15 isa hoan'ny "Vétéran" Vavy no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity.




*Fanokafana basikety U 16 tany Taolagnaro*

***Rainilita***

Lalao fanomanan-tena

# Resin'ny Barea Chan 2 – 0 ny Cffa

Nanatanteraka lalao fanomanan-tena hiatrehana avy ny lalao Afrikana iraisam-pirenena ho atrehany ny Barea Chan sy ny Cffa Analamanga tamin'ny alahady 21 aogositra 2022 teny amin'ny kianja sentetikan'Ambohidratrimo. Azo ambara fa nanitsy ny lesoka nianjady taminy tamin'ny lalao nifanandrinana tamin'ny Elgeco Plus tetsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By Pass ka naharesy azy ireo 4-1 ny mpanazatran'ny Barea Chan ka nandresy kosa ny Cffa Analamanga tamin'ny isa 2 – 0 (Baolina matin'i Tendry teo amin'ny minitra faha-26 ary matin'i Kassimo Lucien teo amin'ny ministra faha-54.

***Rainilita***

Seksiôn'ny karaté Avaradrano

# Amin'ny sabotsy 3 septambra 2022 ny "Championnat"

Amin'ny sabotsy 3 septambra 2022 ao amin'ny Espace Destiny Ambohimangakely manomboka amin'ny 8:00 no hanatanterahana ny "Championnat" ny karaté eo anivon'ny seksiôna Avaradrano ka ny sokajy "cadet/junior/senior" hifaninana eo amin'ny « kumite » sy « Kata » no hiakan-tsehatra amin'izany. Azo antoka ny handraisan'ireo kliobana karaté miisa 6 ao Avaradrano dia ny Kokaju, Aka Avaradrano, Kawama, Destiny ary Tfska anjara amin'izany fifaninanana izany. Ny Ligue de karaté Analamangany no mpikarakara ny hetsika izay manetana ihany koa an'ireo seksiôn'ny karate rehetra ao aminy hikarakara ny "championnat" ao aminy avy. Marihana fa i Sensei Charlie Rakotobe 5e Dan no Ctr manomboka izao eto analamanga.

***Rainilita***

Fifaninanana ASIEF 2022

# Nasavoritaky ny fitokonan'ny mpianatr'i Maninday

Fantatra fa tamin'ny anaran'ny fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filoham-pirenena sy tamin'ny anaran' Atoa Minisitry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy manokana ary ireo manam-pahefana any Toliara dia tonga nanolotra "famaha vahiny " ho mariky ny fitiavana sy araka ny fomban-tany ho an'ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana ASIEF 2022 ny Minisitrin'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy tamin'ny fiandohan'ity fifaninanana ity. Omby vositra miisa 2 sy vary miisa 40 gony (samy tsy nisy niloko volon-doranjy toy ny mahazatra) no natolotra nandritra izany tao amin'ny Kianja mifaton'i Toliara. Rehefa nahita izany fihetsika izany ireo mpianatry ny oniversite ao Maninday Toliara dia nahatsapa fa hay misy vola ihany ao amin'ny fitondram-panjakana ao saingy hodian-tsy jerena kosa ny olana mianjady azy ireo sy ny fitakiana ataony ka dia nanapakevitra izy ireo ny nanidy sy nanao « soudure » ny varavarana miditra ao amin'ity oniversite ity mba tsy hahafahan'ireo mpiasam-panjakana miditra manao fifaninanana amin'ny kianja misy ao amin'ity toerana ity ary mbola narahan'izy ireo fihetsika fandorona kodiarana fiarakodia tety ivelan'ny toerana izany ny ampitsony io ka nilazan'izy ireo fa tsy hijanona ny hetsika raha tsy voavaha ao anatin'ny 48 ora ny vatim-pianarana sy fitakian'izy ireo. Na izany aza fantatra fa mitohy hatrany ny fanatanteraha an'ity fifaninanana ity.

Fanatanjahantena Malagasy tamin'ny fiandohan'ity fifaninanana ity. Omby vositra miisa 2 sy vary miisa 40 gony (samy tsy nisy niloko volon-doranjy toy ny mahazatra) no natolotra nandritra izany tao amin'ny Kianja mifaton'i Toliara. Rehefa nahita izany fihetsika izany ireo mpinatry ny oniversite ao Maninday Toliara dia nahatsapa fa hay misy vola ihany ao amin'ny fitondram-panjakana ao saingy hodian-tsy jerena kosa ny olana mianjady azy ireo sy ny fitakiana ataony ka dia nanapakevitr'izy ireo ny nanidy sy nanao « soudure » ny varavarana miditra ao amin'ity oniversite ity mba tsy hahafahan'ireo mpiasam-panjakana miditra manao fifaninanana amin'ny kianja misy ao amin'ity toerana ity ary mbola narahan'izy ireo fihetsika fandorona kodiarana fiarakodia tety ivelan'ny toerana izany ny ampitsony io ka nilazan'izy ireo fa tsy hijanona ny hetsika raha tsy voavaha ao anatin'ny 48 ora ny vatim-pianarana sy fitakian'izy ireo. Na izany aza fantatra fa mitohy hatrany ny fanatanteraha an'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***

« ARBITRES ELITES à MADAGASCAR »

# Nosokafan-dRasoanaivo Rado ny « COURS MA » ho azy ireo

Nosokafan-dRasoanaivo Rado, Tale Teknika Nasiônalin'ny FMF, izay nisolo tena ny filohan'ity rafitra ity tamin'ny alatsinainy 22 aogositra 2022 teo teny amin'ny « Complexe Sportif CNAPS Vontovorona » ny « COURS MA POUR ARBITRES ELITES MADAGASCAR ». Haharitra hatramin'ny rahampitso zoma 26 aogositra ity fiofanana ity izay tarihan'Atoa Damon JASON, instructeur avy any amin'ny FIFA . Mpitsara Malagasy lahy sy vavy miisa 30 manerana ny nosy no manatrika an'izany fiofanana izany rehefa avy nanatantera ka ny « Fitness Test » teny amin'ny kianjan'Alarobia tamin'ny Tsiahivina fa ho dinihana ao anatin'izany fampiofanana izany ny momba ny « lois de jeu », ny fomba fitantanana lalao, ...araky ny fiovana farany amin'ny fampiharana ny lalàna 2022-2023 navoakan'ny FIFA.

***Rainilita***




*Fanokafana ny « Cours Ma arbitre Elites » teny Vontovorona.*